



o 08/07/24
g 299
✓

CRA v 299

Pon 256



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-299

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY:

- Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 Novambra 2023 «relatif au Code de Travail»;
- Volavolan-dalàna laharana faha-008/2024 tamin'ny 27 Martsa 2024 «autorisant la ratification de la Convention de l'Union Africaine sur le cybersécurité et la protection des données personnelles, dite Convention de Malabo, adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 Juin 2014»;
- Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL «modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes», izay natolotry ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Fivoriana faha-8

Natao ny

Alakamisy 20 Jona 2024

- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA:- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alakamisy 20 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:

- Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny
28 Novambra 2023 "relatif au Code de Travail";

- Volavolan-dalàna laharana faha-008/2024 tamin'ny 27 Martsa 2024 «autorisant la ratification de la Convention de l'Union Africaine sur le cybersécurité et la protection des données personnelles, dite Convention de Malabo, adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 Juin 2014»;

- Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL «modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes», izay natolotry ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Nitohy ny Alakamisy 20 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoran'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohan'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, nambarany fa misy Volavolan-dalàna avy any amin'ny Governemanta tonga eto amin'ny Antenimierampirenena dia ny «Projet de Loi n°014/2024 du 19 Juin 2024 autorisant la ratification de la Convention Multilatérale sur l'Assistance Administrative Mutuelle en matière fiscale (MAAC)», izay angatahina ny hampidirana azy amin'izao fandaharam-potoana izao. Raha eken'ny fivoriambe ny fampidirana izany dia hatao rahampitso Zoma 21 Jona 2024, amin'ny 9 ora, maraina, ao amin'ny «salle BP» ny Asambaomiera. Aorian'izay, handraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny fivoriambe amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Rehefa izay, nangataka fitenenana Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka nomena fitenenana.

Nambarany, raha azo atao, aleo tonga dia mitohy amin'ny fivoriambe ny asa, fa tsy andrasana amin'ny tolak'andro intsony rehefa vita ny asam-baomiera momba io Volavolan-dalàna io.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa raha tsy misy manan-kambara intsony, aleo miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hampidirina na tsia amin'izao fandaharam-potoana izao mikasika an'io Volavolan-dalàna io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 11 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ampidirana amin'izao fandaharam-potoana izao io Volavolan-dalàna io ary rehefa vitany asam-baomiera dia tohizana avy hatrany amin'ny fivoriambe izany.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fandinhana ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 Novambra 2023 "relatif au Code de Travail" ny mpivory, ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-19 Jona 2024 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna sosialy, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny MPIARA-BELONA, ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka ary ny Vaomiera momba ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 Novambra 2023 « relatif au Code de Travail ».

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin, Filohan'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy tonga nivory.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. FIAROVANA Lovanirina Célestin
2. RANDRIAMISA Nicolas
3. RAKOTONDRAVAO Georges
4. VOAhanginirinazafimandimby Marie Laurette
5. DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude
6. RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
7. RAJAOBELINA Lova Herizo

Andriamatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude no Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny MPIARA-BELONA tonga nivory.

Andriatoa RAJAobelina Lova Herizo no Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka tonga nivory.

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna.

Ireto avy kosa ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RABENARIVO Lanto	SG/MTEFoP
2. ANDRIATSALAMA Albert	DIR CAB/ MTEFoP
3. RAMAROSON Cristelle	Directeur Général du Travail/MTEFoP
4. RAJOELY Miamina	Directeur de la Sécurité Sociale
5. RAKOTOVAO Vonjiniaina Todisoa	Directeur de Travail
6. RABODONAVALONA Anja	Directeur des Etudes et des Affaires Juridique
7. RANDRIANANDRASANA Denis Pierre	Directeur Régional du Travail
8. RANDRIANIRAINY Heriniaina Arsène	Directeur Intra
9. RANDRIATIANARISOA Fenitra	Directeur Migration
10. ANDRIANIFAHANANA N. A Haja	Chef de Service d'appui à la Transition Formelle
11. RAZAFINDRABE Andrianaivolala Nestor	Chef de Service des Relations Professionnelles

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika ny Volavolan-dalàna.

Nambarany tamin'izany, fa fehezan-dalàna mikasika ny fampanarahan-dalàna mitsinjo ny mahaolona sy ireo mpiasa izy ity mba hampanaraham-penitry ny asam-panjakana. Eo ihany koa ny fampandrosoana ara-toekarena, amin'ny lafiny fanomezana lanja ny mahaolona ary ny fahaizan-mitantana. Ahafahana manatratra ny tanjona napetraky ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ihany koa ity Volavolan-dalàna ity.

Efa tamin'ny taona 2021 no nanombohana ny famolavolana ity Volavolan-dalàna ity ary nitohy izany fanatsarana izany nandritra ity taona 2024 ity.

Azo lazaina fa mivoatra hatrany ny asam-panjakana raha jerena manokana, ohatra ny «digitalisation», izany no nahatsapana ny filàna amin'ny fanovàna azy ity. Nakana ny hevitr'ireo mpisehatra voakasika izao rijan-teny izao dia ireo Mpiasa, ny Sendikan'ny mpiasa ary ny Mpiasan'ny Minisiteran'ny Asam-panjakana.

Eo ihany koa ny fapanarahan-dalàna tamin'ny nankatoavan'i Madagasikara ireo lalàna iraisam-pirenena misy.

Miisa andininy 395 ity Volavolan-dalàna ity.

Mahakasika teboka maromaro ny fanatsarana ao anatin'ity Volavolan-dalàna ity, ka ireto avy izany:

- Ny famaritana ny asa sy ny asa an-terivozona (travail forcé) izay mbola manjavozavo tamin'ny lalàna manan-kery;
- Ny fampiatoana ny fifanarahana arak'asa (suspension de contrat) izay nampiana ny fidirana hopitaly ny vadin'ny mpiasa;
- Ny mahakasika ireo mpiasa miala amin'ny toeram-ponenany (travailleurs déplacés) sy ny mpiasa mifindra toerana (travailleurs migrants) na dia eto Madagasikara aza dia nasiana ny fitsinjovana azy ireo;
- Ny fampidirana mahakasika ny «télétravail» sy ny «portage salariale» izay tsy voafaritra tao amin'ny «Code de Travail» teo aloha;
- Ny toeram-piasana izay ametrahana ny tanjona amin'ny asa atao, ka faritana ao anaty Lalàna izany tanjona izany;
- Ny ora fiasana izay notakian'ny mpampiisa ny fametrahana azy mazava tsara, ka nofaritana ho 173,33 ora isam-bolana;
- Ny karama tokony horaisina izay tsy tokony ho latsaky ny karama farany ambany (SME);
- Ny fanatsarana ny «congé de maternité» sy ny fitsinjovana ny zaza teraka;
- Ny tsy maintsy hisian'ny antontan-taratasy mazava mahakasika ny «sécurité et santé au travail» izay apetraky ny mpampiisa;
- Ny fametrahana ny «commission bipartite» ho an'ireo «comité d'entreprise» izay manana mpiasa mihoatra ny 50;
- Ny fanamafisana ny zo ara-tsendikaly ananan'ny mpiasa;
- Ny nanamboarana «délai de réponse»-n'ny Sampandrahahara eo anivon'ny «Direction Régionale de Travail» sy ny «Inspection de Travail»;
- Ny fanatsarana ny «organisme et moyen de contrôle»;
- Ny fanasarahanana ny lohateny faha-8 sy faha-9 mahakasika ny «emploi et formation professionnelle»;
- Nasiana fanamboarana ny «service de l'emploi et de la formation professionnelle»;
- Ny fanesorana ireo sazy mahavoafonja afa-tsy ireo sazy mahakasika ny zo fototra amin'ny asa ary natao lamandy avokoa ny ankamaroany;
- Fampitoviana ireo fitanana an-tsratratra eny anivon'ny toeram-piasana;
- Ny fametrahana ny «congé de paternité» ho zon'ny mpiasa.

Ireo fanovàna ireo dia natao hoentina hanatsarana ny tontolon'ny Mpisia, ny Mpampiisa ary ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Asam-panjakana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA:

1. Tokony hojerena manokana ireo mpiasa manao «Sisal» any Amboasary Atsimo satria lasa asa fanandevozana izany, tsy mahazo ny karama farany ambany tokony horaisina izy ireo kanefa ny asa be dia be;
2. Tokony hojerena ny mpiasa ao Namakia satria tsy vitan'olona iray ao anatin'ny iray andro ny asa ampanaochina, ka voatery mitondra ny fianakaviana avy any an-trano ny mpiasa iray kanefa ny karama sitrahany dia karaman'olona iray ihany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

FANONTANIANA SY VALINY:

1. Hatraiza ny fiovaovan'ny ora fiasana raha jerena io 173,33 ora fiasana isam-bolana io?
 - Nipetraka ny olana eo amin'io ora io teo amin'ny mpampiasa, misy ny «majoration» sy «heure supplémentaire» izay apetraky ny Lalàna, ka nangatahan'ny mpampiasa mba alaina isam-bolana. Efa voafaritra ao anaty Didim-panjakana tamin'ny taona 2019 izany.
2. Tsy dia mazava loatra ny mahakasika ny «prise en charge»-n'ireo mpiasa ao amin'ny resaka «sécurité et santé au travail». Afaka azavaina ve?
 - Tafidittra ao anaty OSTIE avokoa ireo mpiasa ara-dalàna, misy ny «prise en charge» izay takian'ny Lalàna, ka anjaran'ny Mpampiasa ny mandray ny fepetra tsy maintsy raisina mahakasika izany. Efa voafaritra ao anatin'ny «Politique Nationale de la Santé» izany ary ireo «Services Médicaux du Travail» no misahana ny mpiasa sy ny vady aman-janany raha hanao «consultation, prévention et traitement». Ny CNaPS no manavaka ny aretina azo tamin'ny asa sy ny loza tao amin'ny toeram-piasana.
3. Tsy misy fifanitsahana andraikitra ve ao amin'io ONEF sy SRE io?
 - Ny ONEF dia manao fanadihadiana mahakasika ny sehatra iray ahafahan'ny sampandrahaharan'ny asa mampiasa ny antontan-kevitra voaray tamin'izany. Ny SRE kosa dia manao ny asa andavan'andro mahakasika ny «emploi et formation».
4. Tsy hiteraka olana amin'ny amin'ireo sendikan'ny mpiasa ve ity Volavolan-dalàna ity?
 - Efa nisy ny fakan-kevitra naharitra natao tamin'ireo sendikan'ny mpiasa sy ny «Conseil National de Travail». Niainga avy tamin'izy ireo ny fanovàna ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity.
5. Mahakasika ny «congé de paternité». Tsy efa voafaritra ho 15 andro ve izany amin'ny Lalàna manan-kery momba ny asa?
 - Mahakasika ny «fonctionnaire» io 15 andro io, fa ny mpiasa amin'ny tsy miankina kosa dia vao napetraka ho 3 andro amin'ity Volavolan-dalàna ity.
6. Aiza ho aiza ny fe-potoana 200 ora isam-bolana mahakasika ny «régime agricole et non agricole»?
 - Ny «régime non agricole» dia io 173,33 ora isam-bolana io, raha toa 200 ora isam-bolana kosa ny «régime agricole» izay efa voafaritra ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Asa izany.
7. Misy fepetra takiana ve ny mahakasika ny asa vita isan'andro amin'ny «travail à la tâche» ahafahana mandoa ny karama farany ambany takian'ny Lalàna?
 - Olana matetika mipetraka izy io, ka izany mihitsy no antony nanavaozana ny Lalàna mifehy ny asa. Tsy tokony ho latsaky ny karama farany ambany ny karama raisina amin'izany.

8. Firy andro ny «permission» ho an'ny mpiasa?

- 10 andro ny «permission» ho an'ny mpiasa.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 novambra 2023 « relatif au Code de Travail» ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy.

Famelabelarana ny Antonantony : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY VOALOHANY

Andininy voalohany	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-2	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-3	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-4	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-5	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-6	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-7	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-8	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-9	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-10	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-11	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-12	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-13	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-14	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-15	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-16	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY FAHA-2

Andininy faha-17	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-18	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-19	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-20	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-21	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-22	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-23	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-24	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-25	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-26	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-27	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-28	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-29	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-30	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-31	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-32	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-33	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-34	:	Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-81 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-82 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY FAHA-3

LOHATENY FAHA-4

Andininy faha-159 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-160 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-161 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-162 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-163 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-164 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-165 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-166 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-167 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-168 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY FAHA-5

- Andininy faha-195 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-196 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-197 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-198 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-199 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-200 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-201 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-202 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-203 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-204 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-205 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-206 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-207 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-208 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-209 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-210 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-211 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-212 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-259 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-260 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-261 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY FAHA-6

Andininy faha-344 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-345 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-346 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-347 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-348 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-349 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-350 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-351 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-352 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY FAHA-10

Andininy faha-388 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-389 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY FAHA-11

Andininy faha-390 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-391 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-392 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-393 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-394 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-395 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nolianian'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 novambra 2023 «relatif au Code de Travail» ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny tamin'ny 11 ora 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra vao novakiana teo ny mpivory. Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha fa izay no hatao ary ny Solombavambahoaka no manao izany voalohany vao ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONIRINA Augustin, nanambara fa ao amin'ny pejy faha-2, eo amin'ny laharana faha-7, «Directeur Régional du Travail» fa tsy «Directeur de Régionale du travail». Ao amin'ny pejy faha-4, andalana faha-3, «emploi et formation professionnelle» fa tsy «emploi et formation professionnel».

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana intsony ny Solombavambahoaka dia nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RAZAKABOANA Hanitra Fitiavana, Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa sy ny Asam-panjakana, nambarany fa ao amin'ny pejy faha-2, amin'ny anarana laharana faha-9, tsy «Directeur Migration», fa «Direction Migration Professionnelle et Fondamentaux». Ao amin'ny pejy faha-3, andalana voalohany, "Sendikan'ny mpampiasa" no izy fa "tsy mpiasa". Ao amin'ny pejy faha-5, eo amin'ny fanontaniana faha-3, SRE fa tsy AEP.

Taorian'izay, fisaorana an-dRamatoa Minisitra no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary mbola nomeny fitenenana hatrany ny solotenan'ny Governemanta mba hamelabelatra amin'ny ankabobeny ny anton'ity Volavolan-dalàna ity.

Fisaorana koa no nasetrin-dRamatoa RAZAKABOANA Hanitra Fitiavana, Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa sy ny Asam-panjakana izany talohan'ny nitondrany fanazavana momba ny Volavolan-dalàna.

Nambarany fa nandritra ny 4 taona no nandrafetana ity Volavolan-dalàna ity ary izao vao tonga eto anivon'ny fivoriamben'ny Antenimierampirenena mba handraisana fanapahan-kevitra mikasika ireo fanatsarana natao taminy.

Nomarihany koa fa maro ireo andininy nitondrana fanavaozana tao anatin'ity volavolan-dalàna ity, toy ny famaritana ny asa sy ny asa an-terivozoana, ny fampidirana ny «télétravail» izay tsy voafaritra tao amin'ny «Code de Travail» teo aloha, sy ny sisa.

Notsindriany fa mivoatra ny resaka sosialy eo amin'ny tontolon'ny fandraharahana ankehitriny, ka nangataka ny Minisitera mba hifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena koa izany eto amintsika.

Nambarany fa nisy ny fakana hevitra tamin'ny Minisitera hafa sy ny sendikan'ny mpiasa nataon'ny mpitodra fanjakana tamin'ny fanamafisana ny zo fototra arak'asa.

Nohamafisiny, talohan'ny namaranany ny teniny, fa taratra ao anatin'ity Volavolan-dalàna ity ny fanajana ny zo mahaolombelona.

Teo anatrehan'izay, nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany ny Volavolan-dalàna momba ny Lalàna mifehy ny Asa ity.

Fisaorana no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ho an-dRamatoa Minisitra, taorian'izay ary nambarany fa hiditra amin'ny adihevitra ankabobeny ny mpivory. Rehefa izany, nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual, nambarany fa resy lahatra tamin'ny fanatsarana amin'ny resaka fananan'asa ny tenany, kanefa nomarihany fa tokony hisy fanatsarana koa ny fankalazana ny andron'ny 8 Martsa ho an'ny vehivavy.

Izany hoe, tsy tokony ho ny vehivavy ihany no tsy miasa amin'io daty io, satria rehefa misy fanasana dia olona roa no voasoatra ao hany ka lasa mandeha irery ny vehivavy fa tsy miaraka amin'ny vadiny akory.

Nomarihany koa fa maro ny mpiasa «contractuel» mangataka «intégration» no mitaraina satria mikatso ny “dossier”-n’izy ireo. Inona no antony mahatonga izany fikatsoana izany. Nangataka ny hijeren’ny Minisitera momba izany ny tenany.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, kosa rehefa nomeny fitenenana, fanentanana ny Solombavambahoaka namany mba handany ny Volavolan-dalàna no nataony. Nomarihany fa efa nidirana tamin'ny antsipiriany tany amin'ny asam-baomiera izao Volavolan-dalàna izao vao tonga eto anivon'ny fivoriambe, ka mendrika raha holaniana.

Nanamarika kosa, Andriamatoa TSARADIA Marco, tamin'ny fandraisam-pitenenany fa zava-dehibe ho an'i Madagasikara ny fidirana amin'ny sehatra mitovy lenta amin'ny firenena mandroso raha ny fanatsarana tamin'ity Volavolan-dalàna ity no resahana. Noho izany, manentana ny Solombavambahoaka mba handany azy satria zava-dehibe amin'ny fiarovana ny fiainana andavan'andron'ny mpiasa no raiketiny.

Fisaorana an-dRamatoa Minisitra tamin'ny fanavaozana nentin'ny Minisitera mikasika ny tontolon'ny asa sy ny mpiasa Malagasy no nataon'Andriamatoa RAKOTONIRINA Augustin, rehefa nomena fitenenana ary nangataka ny hirosoana amin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna koa ny tenany.

Taorian'izay, nanome fitenenana an-dRamatoa RAZAKABOANA Hanitra Fitiavana, Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa sy ny Asam-panjakana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, raha manan-kambara tamin'ireo fanamarihana ireo ny tenany.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa Minisitra, nambarany fa saika miompana bebe kokoa ho an'ny sehatra tsy miankina no fanatsarana natao tamin'ity Volavolan-dalàna ity kanefa tsy latsa-danja amin'izany ny mpiasam-panjakana.

Nohamafisiny fa voaray ny fangatahana mikasika ny fanavaozana sy fanatsarana hatrany ny tontolon'ny asa eto amintsika, ka hojerena ny hanatanterehana izany.

Mikasika ny fanamarihana manoloana ny "intégration" kosa, nambarany fa miisa teo amin'ny 17 000 ny mpiasa tokony ho "intégré" tamin'ny taona 2023 iny, miisa 4 000 anefa no vita tamin'izany ary ny 3 000 hafa dia efa eo andalana amin'ny fanaovana izany ny Minisitera. Manentana ireo mpiasa tokony hisitraka izany "intégration" izany mba hanatona ny Minisitera tomponandraikitra satria afaka mandray azy ireo ny mpiasa miandraikitra izany.

Nohamafisiny fa voaray ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo ka hoentina any amin'ny Filankevitry ny Minisitra mba hodinohana.

Efa miezaka mifanatona mifampila hevitra ny Minisitera iandraiketanay sy ny CNAPS raha ny momba ireo olona miasa tena izay kasaina hisitraka ny zony ao amin'ny CNAPS, hoy Ramatoa Minisitra, talohan'ny namaranany ny teniny.

Mikasika ny didy fampiharana indray, ezahina ny hampihatra azy rehefa lasa ho Lalàna ity Volavolan-dalàna ity, izay no teniny farany sady ny nisaotra ny rehetra naharitra nihaino azy tamin'ny valin-teny fohy nomeny.

Taorian'izay, nisaotra azy koa, Andriamatoa Mpitarika fivoriana tamin'ny valin-teny nataony ary nanambara fa rehefa tsy misy manan-kambara intsony dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy ny mpivory.

Famelabelarana ny antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Famelabelarana ny Antonantony.

«TITRE PREMIER: DES DISPOSITIONS GENERALES»

- Andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-16: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny "Titre Premier".

«TITRE II: DU CONTRAT DE TRAVAIL»

- Andininy faha-17 ka hatramin'ny andininy faha-82: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny "Titre II".

«TITRE III: DES CONDITIONS DE TRAVAIL»

- Andininy faha-83 ka hatramin'ny andininy faha-158: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny "Titre III".

«TITRE IV: DE LA SECURITE ET DE LA SANTE AU TRAVAIL»

- Andininy faha-159 ka hatramin'ny andininy faha-194: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny "Titre IV".

«TITRE V: DES RELATIONS COLLECTIVES DE TRAVAIL»

- Andininy faha-195 ka hatramin'ny andininy faha-261: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny "Titre V".

“TITRE VI: DUREGLEMENT DU CONTENTIEUX”

- Andininy faha-262 ka hatramin’ny andininy faha-302: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran’Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny “Titre VI”.

«TITRE VII: DE L’ADMINISTRATION DU TRAVAIL»

- Andininy faha-303 ka hatramin’ny andininy faha-324: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran’Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny “Titre VII”.

“TITRE VIII: DE L’EMPLOI”

- Andininy faha 325 ka hatramin’ny andininy faha-338: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran’Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny “Titre VIII”.

«TITRE IX: DE LA FORMATION PROFESSIONNELLE»

- Andininy faha-339 ka hatramin’ny andininy faha-352: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran’Andriamatoa Filoha fa lany ny “Titre IX”

“TITRE X: DES PENALITES”

- Andininy faha-353 ka hatramin’ny andininy faha-389: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran’Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny “Titre X”.

«TITRE XI: DES DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES»

- Andininy faha-390 ka hatramin'ny andininy faha-395: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny "Titre XI".

Rehefa vita ny fandaniana ny isan'andininy, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny mpivory, ka ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany. tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 Novambra 2023, "relatif au Code de Travail".

Rehefa izay, nomena fitenenana Ramatoa Minisitra, raha manan-kambara taorian'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna.

Fisaorana no natolo-dRamatoa RAZAKABOANA Hanitra Fitiavana, Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa sy ny Asam-panjakana, tamin'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna natolotry ny Minisitera iadidiany.

Nomarihany fa efa ela no nandinhana ny fanatsarana ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity, ka mahafaly ny mahita ny fahalaniany.

Firarian-tsoa amin'ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy koa, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny fiarahana teto sy tamin'ny nandaniana ny Volavolan-dalàna ary nanome alalana azy hamonjy ny adidy hafa izay mbola hatrehiny.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana manaraka ny mpivory dia ny fandinhana ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2024 tamin'ny 27 Martsa 2024 «autorisant la ratification de la Convention de l'Union Africaine sur le cybersécurité et la protection des données personnelles, dite Convention de Malabo, adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 Juin 2014», ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Mpitarika fivoriana; mba hamaky ny tatitra mikasika izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-18 Jona 2024 tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Raharraham-bahiny, ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao ary ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2024 tamin'ny 27 Martsa 2024 «autorisant la ratification de la Convention de l'Union africaine sur le cybersécurité et la protection des données personnelles, dite Convention de Malabo, adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 juin 2014».

Andriamatoa RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian, Filohan'ny Vaomieran'ny Raharraham-bahiny no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Raharraham-bahiny, tonga nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa isany:

1. RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian
2. RIVOTIANA Richard Jean Bosco
3. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Tsy nisy tonga kosa ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao sy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka.

Ny teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|-------------------------------|-----------------------------------|
| 1. NAMO RAMASIMPANAJA V. | Chef de service de l'UA pi |
| 2. VAVIHAGA Rosange | Chef de service/MAE |
| 3. MAMILAZA Ulricka Marie D. | Chel de Division/MAE |
| 4. RADAFY Hosoaverohantra V. | Chef de service de la Législation |
| 5. MAHERINIRINA Tsiferanarivo | Chargé d'Etudes MNDP/DAJ |
| 6. VATSILA Angéla Christiana | Chargée d'Etudes MNDP/DAJ |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny mikasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity Fifanarahana Iraisam-pirenenan'i «Malabo» ity dia lany nandritra ny Fivoriana Ara-potoana faha-23-n'ny Vovonan'ny Vondrona Afrikana, ahitana firenena miisa 15, izay natao ny 26 sy 27 Jona 2014 tao «Guinée Équatoriale», mikasika ny «Convention de l'Union Africaine sur le cybersécurité et la protection des données personnelles ou Convention de Malabo».

Toy izao no mikasika io fifanarahana iraisam-pirenena io:

- Ireo paikady miompana amin'ny fiarovana ny angon-kevitra mahakasika ny olona tsirairay sy miady amin'ny heloka ara-tserasera, ho fanajana ny zo fototra ananan'ny olom-pirenena iray ny amin'ny mety ho fikirakirana ny tahirin-kevitra momba azy;

- Ireo fifandrahahana elektronika hampiasana ireo angon-kevitra manokana amin'ny alàlan'ny fametrahana rafi-pandaminana eo amin'ny sehatra nasionaly.

Ny antony nanosika an'i Madagasikara hiditra ho mpikambana ao anatin'io fifanarahana iraisam-pirenenan'i "Malabo" io dia:

- Hampifanindran-dalana ny paikadin'ny Vondrona Afrikana amin'ny fiarovana ny angon-kevitra mikasika ny olona tsirairay sy miady amin'ny heloka ara-tserasera eto amin'ny firenana Malagasy;
- Hanatanterahana ny toromarika nomen'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny CNUCED (Conférence des Nations Unies pour le Commerce et le Développement);
- Hametrahana sori-dalana arahina amin'ny tokony ho izy momba ny rafitra ho fiarovana ny angon-kevitra (Commission Malagasy de l'Informatique et des Libertés ou CMIL) sy ny «cybersécurité» (Cyber Incident Response Team ou CIRT).

Marihana fa tsy nisy fanamarihana avy tamin'ny mpivory, tsy nisy ihany koa ny fanontaniana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fankatoavana ny Volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Raharaha-bahiny.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena.

Nankatoavin'ny Vaomieran'ny Raharaha-bahiny ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2024 tamin'ny 27 Martsa 2024 «autorisant la ratification de la Convention de l'Union africaine sur le cybersécurité et la protection des données personnelles, dite Convention de Malabo, adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 juin 2014», ka hoentina eny amin'ny fivoriambe mba handraisana fanapanhan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny famakiana ny tatitra nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra ny mpivory ary tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, ka avy hatrany dia nomena an'Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahina, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ny fitenenana, hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Fisaorana ny zava-bitia tany amin'ny asam-baomiera sy ny fiatrehan'ny Solombavambahoaka izao fivoriambe izao no teny voalohany nataon'Andriamatoa Minisitra. Nomarihany fa ilaina amin'ny fampandrosoana ny asa ny fivoarana eo amin'ny lafin'ny teknolojia vaovao. Koa eo antrehan'izany, mila maharaka ny momba izany ny firenena Malagasy. Tsapa tokoa fa misy fivoarana lehibe ny fampiasana ny teknolojia vaovao amin'izao fotoana izao.

Noho izany, raha te-hifehy an'io fivoarana ara-teknolojia vaovao io ny firenena iray dia tsy maintsy arovana ny angon-kevitra mikasika ny olona tsirairay sy ny ady amin'ny heloka aratserasera izay mety hiseho ao aminy. Ny fisian'izany fivoarana izany no nanosika ny fanjakana handray ny andraikitra tandrify azy; ka izay indrindra no antony nanolorana izao fifanarahana iraisam-pirenena natao tany "Malabo, Guinée Equatoriale" izao satria niditra ho mpikambana tamin'io fifanarahana io i Madagasikara.

Araka ny voalazan'ny tatitra teo, fepetra telo no nanosika antsika hiditra ho mpikambana tamin'io fifanarahana iraisam-pirenena io, toy ny: fampifanindran-dalana ny paikadin'ny Vondrona Afrikana amin'ny fiarovana ny angon-kevitra mikasika ny olona tsirairay eto amintsika; ho fanatanterahana ny toromarika nomen'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny CNUCED araka ny fahitany ny zava-misy eto Madagasikara ary farany, mba ho fametrahana ny sori-dalana tokony harahina amin'ny rafitra fiarovana ny angon-kevitra sy ny «cybersécurité».

Nambarany koa fa tena ilaina ny fampiharana ny Lalàna eto Madagasikara mba ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka tsy ankanavaka. Ankehitriny, tsapa fa maro ny tanora no miserasera amin'ny fampiasana ny resaka teknolojia vaovao amin'ny lafiny ara-barotra sy amin'ny fitadiavana asa; noho izany, tsy azo ialana ny fanatsarana ny fampiasana ny lafiny serasera misy amin'izao fotoana izao. Araka ny voalaza teo aloha, mandroso tokoa izany, ka mba tsy ho latsa-danja isika dia niditra tamin'io fifanarahana iraisam-pirenena io. Raha adika amin'ny fomba hafa, azo lazaina fa anisan'ny maharaka ny fandrosoana isika amin'ny fampiasana ny teknolojia vaovao amin'ny fiarovana ny angon-kevitra mikasika ny tsirairay sy ny ady amin'ny heloka aratserasera.

Taorian'izay, fisaorana an'Andriamatoa Minisitra, no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana no sady nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra anakapobany ny mpivory.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa TSARADIA Marco, nanambara fa zava-dehibe tokoa ny fidirana ho mpikambana amin'ity fifanarahana irasaim-pirenena ity satria mampiditra ny firenena Malagasy amin'ny sehatra mitovy lenta amin'ny firenena efa mandroso raha ity Volavolan-dalàna ity no jerena. Noho izany, aleo holaniana avy hatrany ny Volavolan-dalàna.

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges kosa nanambara fa mazava amin'ny ankapobeny ny voalazan'ity "ratification" ity sady voamarina tany amin'ny asam-baomiera rahateo izany. Nomarihany koa fa na efa tamin'ny taona 2014 aza no natao ny fifanarahana, tsy tara ity Volavolan-dalàna ity na dia amin'izao taona 2024 izao vao holaniana. Koa eo anatrehan'izay, manentana ny Solombavambahoaka mba handany azy satria hitondra vokatsoa ho an'ny firenena izany.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahina, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary nanamafy fa firenena miisa 15 no mpikambana tao anatin'ity fifanarahana iraisam-pirenena ity tamin'ny taona 2014. Nandritra ny 10 taona, nandinika sy namakafaka isika vao tonga amin'izao fanapahan-kevitra izao.

Izany hoe, hita sy tsapa ankehitriny, fa zava-dehibe ny fidirana ho mpikambana ao aminy, ka izay no antony nanolorana ny Volavolan-dalàna eto amin'ny Antenimierampirenena.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ny Volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Ramatoa RASATA Rafaravavita fika, Minisitry ny Raharaha m-bahiny; nambarany fa fifanarahana mitondra zava-baovao amin'ny fampiasana ny haitao-ara-kajy mirindra no votoatin'ny fifanarahana. Hita ao daholo koa ny fikirakirana ny antontan-kevitra rehetra momba ny tsirairay sady azo arovana tsara tokoa izany. Amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena azy dia samy misitraka ny tombontsoa momba ny fiarovana ny angon-kevitra mikasika azy ny tsirairay araka ny voalaza tamin'ny fivoriambe natao tany "Guinée".

Rehefa izany, nitaona ny Solombavambahoaka mba handany ny Volavolan-dalàna ny tenany.

Taorian'izay, nisaotra ny mpandray fitenenana rehetra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana ny fifanarahana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza fanemorana, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Volavolan-dalàna faha-008/2024 tamin'ny 27 Martsa 2024 «autorisant la ratification de la Convention de l'Union Africaine sur le cybersécurité et la protection des données personnelles, dite Convention de Malabo, adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 Juin 2014».

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahina, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra sy Ramatoa RASATA Rafaravavita fika, Minisitry ny Raharaha m-bahiny, fisaorana tamin'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna no nataon'izy ireo ho an'ny Antenimierampirenena.

Nangataka ny hampidirana ao anaty lahadinika momba ny fifanarahana famatsiam-bola iraisam-pirenena iray izay ho tonga eto amin'ny Antenimierampirenena koa Ramatoa Minisitra, teo ampamaranana ny teniny.

Nisaotra ny Minisitra mianadahy, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay ary nanambara fa hojerena ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ny «courrier» momba izany, ka ho hita eo ny ho tohiny.

Rehefa izay, nomen-dalàna ny solotenan'ny Gouvernement satria mbola iharaha hafa miandry azy ireo ary ny asa eto amin'ny Antenimierampirenena mbola mitohy ha rany hoy, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandinhana ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL «modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes», izay natolotry ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana, indray ny mpivory.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa noho ny tsy fahatongavan'ny Minisiteran'ny Atitany na ny solotenany izay tomponandraikitra tokony hiara-hidinika mikasika ny Tolo-dalàna dia handray fanapahan-kevitra ny Antenimierampirenena amin'ny hanemorana na tsia ny fandiniana izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 2 no nandany fa haroso ny asa, Solombavambahoaka miisa 8 no nandany fa hahemotra ny fandinhana ny Tolo-dalàna; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ahemotra amin'ny tolak'andro ny fandinhana ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL, natolotry ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, ka anio Alakamisy 20 Jona 2024, amin'ny 3 ora tolak'andro, fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-020/2022 tamin'ny 30 Novambra 2022 «autorisant l'adhésion de Madagascar à l'Accord de Georgetown tel que révisé par Décision N°1/CX/10 de la 110^{ème} session du Conseil des Ministres ACP tenue à Nairobi, Kenya, le 7 Décembre 2019 et approuvé par le 9^{ème} Sommet des Chefs d'Etat et de Gouvernement ACP tenu à Nairobi, Kenya, les 9 et 10 Décembre 2019 ou Accord de Georgetown révisé» sy ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL natolotry ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco, Voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Niato tamin'ny 1 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

